

FAMPITAM-BAOVAO

------------------------

**Ny adidin'ny Praminisitra amin'ny maha-olom-pirenena azy**

**Antananarivo, ny 07 novambra 2018 –** Tamin'ity andron'ny fifidianana filohan'ny Repoblika ity dia tonga nanatanteraka ny adidiny teny amin'ny INFA, toerana misy ny birao fandatsaham-baton'ny fokontany Androhibe, ny Lehiben'ny Governemanta, Ntsay Christian.

Nitodika tamin'ny Malagasy rehetra izy naneho fisaorana tamin'ny anaran'ny Governemanta manontolo, manoloana ny fandraisana andraikitra tamim-pahendrena nahitana taratra ny soatoavina maha-malagasy, ka nahatanterahan'ny fifidianana tao anaty fitoniana sy filaminana : « *Zavatra iray no hany iriko, dia ny mba hahafahan'ny vahoaka mampiasa ny fahefana sy ny zony amin'ny alalan'ny fifidianana izay ho filohan'ny Repoblika hitantana ny Firenana mandritra ny dimy taona manaraka. Zavatra iainantsika ankehitriny izany ary mahafaly ahy tokoa ny miara-mahita amin'ny Malagasy ny firosoan'ny Firenena mankany amin'ny fanajàna ny demokrasia sy ny fahaiza-mitantana ary ny tany tan-dalàna, izay hitondra rivo-baovao hanatrarana ny fandrosoana* » hoy izy.

Nampahatsiahiviny ihany koa fa mikasika ny tohin'ny fifidianana dia mbola vonona hatrany ny Governemanta hitondra ny anjara birikiny amin'ny fandraisana andraikitra sy fanohanana ny CENI. Ity farany moa, izay nanankinana manontolo ny hetsika rehetra momba ny fifidianana, dia marihina fa efa nandray fepetra manokana hialàna amin'ny fikorontanana samihafa mety hateraky ny hetsika miseho aorinan'ny fifidianana toy ny fakàna ny hevitry ny olona amin'izay mety ho lany ho filohan'ny Repoblika.

***Ny Sampana Serasera***










COMMUNIQUE

------------------------

**Le devoir de citoyen du Premier ministre**

**Antananarivo, le 07 novembre 2018 –** En ce jour du scrutin de l'élection présidentielle, le Chef du Gouvernement, Christian Ntsay, a voté au fokontany d'Androhibe dont le bureau de vote siège à l'Institut National de Formation Adminstrative.

Il a adressé ses reconnaissances envers tous les Malagasy, au nom du Gouvernement, pour leur sens de responsabilité enrobé de sagesse et dignité, qui a permis à l'élection d'avoir lieu et de se dérouler dans l'apaisement et dans la sécurité. « *Je ne souhaiterais qu'une chose : que les Malagasy usent leur pourvoir à travers leur droit de voter pour un président de la République qui va conduire le pays pour les cinq années à venir. Il s'agit aujourd'hui d'une réalité, et je suis tout à fait heureux de constater avec la majorité de tous les Malagasy que le pays s'achemine dans le respect de la démocratie, de la bonne gouvernance, de l'Etat de droit, vers un nouveau souffle dans l'acheminement de son développement* » a-t-il dit.

Pailleurs rappelé que concernant la suite du processus, le Gouvernement est disposé à appuyer la CENI qui est l'organe d'organisation et de gestion des opérations électorales. Cette Commission Indépendante a déjà pris des dispositions sécuritaires par rapport aux éventuelles initiatives postélectorales comme le sondage du résultat après le vote, qui pourraient nuire à l'ordre public.

***La Direction de la Communication***





